




Photo : Jeannot Ramambazafy
Andry RAJOELINA
Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara


TOHIZANA MANDRITRA NY 15 ANDRO NY VANIM-POTOANA MANOKANA ARA-PAHASALAMANA NA "ÉTAT D'URGENCE S[redacted]RE »
www.madagate.org
FITANDREMANANA FOTOTRA SY FEPETRA ANKAPOBENY
Tsy maintsy manao maska na arovava-orona ny olon-drehetra rehefa mivoaka ny trano. Ny tsy fanajana an'izany dia mahavoasazy hanatanteraka Travaux d'Intérêt Général.
Tsy tokony hivezivezy eny ivelan'ny trano na eny an-dàlambe raha tsy misy antony manokana.
Ny fitondrana razana dia omena alàlana na ny mivoaka na ny miditra ny Faritra Analamanga raha ohatra ka voamarina avy amin'ny sampan- draharaham-panjakana misahana an'izany fa tsy ny Covid-19 no nahafaty azy.
Ny tsy fahafahana mivoaka sy mivezivezy na ny couvre-feu dia manom
11 ora alina ka hatramin'ny 4 ora maraina hoan'ny Faritra Analamanga,
DIANA, SAVA, BOENY.


TOHIZANA MANDRITRA NY 15 ANDRO NY VANIM-POTOANA MANOKANA ARA-PAHASALAMANA NA "ÉTAT D'URGENCE S[redacted]IRE »
www.madagate.org
FITANDREMANA FOTOTRA + FEPETRA TOHINY
Marihana anefa efa manana fitaovana fitsabona avokoa ny distrikta rehetra concentrateur d'oxygene ary tsy maintsy hamafisina ny famatsiana fanafody eny anivon'ny CSB na hopitaly rehetra izay lalovan'ireny lalam-pirenena ireny.
Apetraka hatrany ny manifolds amin'ny toby fiaingana ary ny toby fiantsonana rehetra ary tsy maintsy fenoina antsakany sy andavany raha misy fidirana na fialàna eny an-dàlana. Ny Mpiandron'ny filaminana no manao ny fanaraha- maso ny manifolds eny an-dalana raha toa ka nisy mpandeha niakatra na nijanona an'elanelan-dàlana.
Tsy maintsy handrarahana ranom-panafody famonoana otrikaretina ny fiara fitaterar
alohan'ny fiaingana isan'andro ary tsy maintsy misy gels désinfectants avokoa ao a
Manao maska na arovava-orona ny mpandeha rehetra.


TOHIZANA MANDRITRA NY 15 ANDRO NY VANIM-POTOANA MANOKANA ARA-PAHASALAMANA NA "ÉTAT D'URGENCE [redacted]RE »
Momba ny fitaterana, Zotra nasionaly sy rejionaly : Misokatra tsikelikely isika, noho izany
Mitohy hatrany ny fisokafan'ny Zotra rejionaly mampitohy Antananarivo (Analamanga) sy Toamasina (Atsinanana) amin'ny Taxi-brousse.
Misokatra manomboka ny Zoma faha-11 Septambra ho avy izao ny Zotra mampitohy Antananarivo sy Toliara (Atsimo Andrefana) ary mandalo ao Antsirabe (Vakinankaratra), Ambositra (Amoron'i Mania), Fianarantsoa (Matsiatra Ambony), Ihosy (Ihorombe).
Misokatra manomboka ny Asabotsy faha-12 Septambra ho avy izao ny Zotra mampitohy Antananarivo sy Tsiroanomandidy (Bongolava) ary mandalo ao Miarinarivo (Itasy).
Misokatra manomboka ny Talata 15 Septambra ho avy izao ny Zotra mampitohy Antananarivo sy Mahajanga (Boeny) ary mandalo ao Maevatanana (Betsiboka).
Tahaka izany koa ny Zotra mampitohy an'Antananarivo sy ny faritra Sofia,
ny Zotra mampitohy an'Antananarivo sy Atsimo Atsinanana, Antananarivo sy
Vatovavy Fitovinany, Antananarivo sy Alaotra Mangoro, Antananarivo sy Men
Antananarivo sy Melaky, Antananarivo sy Analanjirofo, Antananarivo sy Anosy
ary Antananarivo sy Androy.
www.madagate.org


TOHIZANA MANDRITRA NY 15 ANDRO NY VANIM-POTOANA MANOKANA ARA-PAHASALAMANA NA “ETAT D’URGENCE
RE »
www.madagate.org
Fepetra mikasika ny lafiny kolontsaina sy ny fialam-boly
Ny Restaurants, ny Cabarets, ny Karaoke sy ny Bar dia afaka misokatra ahatramin’ny 10 ora alina saingy tsy mihoatra ny 100 ny olona ary tsy maintsy manaja ny fepetra ara-pahasalamana sy ara-pidiovana rehetra.
Couvre feu manomboka amin’ny 11 ora alina.
Ny Boite de nuit na ny toerana fandihizana kosa anefa dia mola tsy afaka misokatra satria misy ny fifampikasohana miaraka amin’ny atsembohana izay manamora ny fifindran’ny aretina.
Afaka misokatra ny toerana azo tsidihan’ny mpizahan-tany sy ny daholobe (ireo Rova, Lapa, sites culturels, salles d’exposition, galérie d’arts ...) fa tsy mahaz ny 50 isaky ny miditra ny olona mitsidika, ary tsy maintsy hajaina ny elanelana 1 m ary tsy maintsy manao arovava-orina.
TOHIZANA MANDRITRA NY 15 ANDRO NY VANIM-POTOANA MANOKANA ARA-PAHASALAMANA NA “ETAT D’URGENCE S
RE »
www.madagate.org
FEPETRA MIHATRA MANERAN’NY NOSY
Nohon’ny hamehana ara-pahasalamana na état d’urgence sanitaire ary nohon’ny mbola fisian’ny valanaretina eto amintsika, dia azo atao ny maka fepetra maro samihafa any amin’ny Faritra rehetra maneran’ny Nosy kanefa tsy maintsy ifampidinihin’ny CRCO sy ny CCO mialoha izany.
Mbola voarara ny famoriam-bahoaka mihoatry ny 100 (zato).
Mila mitandrina sy manaja ny fepetra ara-pahasalamana sy ara-pidiovana hatrany ny ho fisorohana ny firongatry ny valanaretina.
Tsy mbola misokatra ihany koa ny fifaninanana ara-panatanjahan-tena
TOHIZANA MANDRITRA NY 15 ANDRO NY VANIM-POTOANA MANOKANA ARA-PAHASALAMANA NA “ETAT D’URGENCE
RE »
www.madagate.org
RENTRÉE SCOLAIRE
HO AN’NY SEKOLY REHETRA MIANKINA AMIN’NY FANJAKANA : ny 26 oktobra 2020 ny fidirana mianatra ho an’ny fanabeazana fototra sy ambaratonga faharoa.
Afatsy ny kilasy Terminale satria mbola miandry ny fanadinana BACCALAUREAT isika ka mihemotra kely amin’ny volana novambra izany ny fidiran’ny kilasy Terminale.
HO AN’NY SEKOLY TEKNIKA KOSA : ny 01 sy 02 oktobra 2020 ny f hidirana amin’ny Centres de Formations Professionnelles sy ny Lycée Technique Professionnel.
TOHIZANA MANDRITRA NY 15 ANDRO NY VANIM-POTOANA MANOKANA ARA-PAHASALAMANA NA “ETAT D’URGENCE
RE »
www.madagate.org
RENTRÉE UNIVERSITAIRE 2019 - 2020
Baccalauréat : 19 oktobra – 25 oktobra 2020
(Bac GENERAL 4 andro +. Bac TECHNIQUE 4 andro)
Rentrée universitaire 2019 -2020 : 02 novembre 2020
Service National Communautaire